KAMPALA (OUGANDA) 22-28 Juillet 2019

VAVAKA FANGATAHANA FAHASOAVANA AMIN'NY FAMANGIAN'I PAPA FRANÇOIS

Ry Andriamanitra Rainay
Faly sy ravo mankasitraka ary manome voninahitra Anao
izahay vahoakanao eto Madagasikara
fa hamangy anay ny Papa François,
Dimbin'i Md Piera Apostoly.
I Jesoa Zanakao no nilaza tamin'i Piera hoe :
Izaho no hangataka ho anao, mba tsy ho lavo ny finoanao,
ary rahefa mibebaka ianao dia hamafiso ny rahalahinao *(Lk 22, 32).*
Koa ny Fahasoavanao anie hankahery azy hahafahany manatanteraka izany irakao izany.
Ho tonga eto anivonay izy hamafy
ilay Fanantenana sy Fiadanana avy Aminao.
Koa mitalaho ny Fanahinao Masina izahay mba hanampy anay hahay hanararaotra izao fotoam-pahasoavana izao handalina ny finoana ka hahatonga anay ho Eveka sy ho Pretra masina araka ny sitrakao,
ho Voatokana vavolomben'ny fitiavanao, ary ho Apostoly Lahika vonon-kamonjy namana.
Ampireheto ao am-ponay ilay Afom-pitiavanao
izay nanentana an'ireo Zokinay, modely ho anay amin'ny finoana : Jacques Berthieu, Victoire Rasoamanarivo, Jean Beyzim, Rapahël Rafiringa ary Lucien Botovasoa.
Ry Masina Maria Reny Mpiaro an'i Madagasikara
mivavaha ho anay mba ho tanteraka soa aman-tsara
izao dian'i Papa François izao.
Amin'ny alalan'i Kristy Zanakao Tomponay no angatahanay izany. AMEN

VOLANA AVRIL SY MAI : ANTSO AMIN'NY FAHAMASINANA…. TSY VOATERY HO EVEKA, HO PRETRA, HO RELIJIOZY VAO TONGA OLOMASINA … SAMY ANTSOINA HO TONGA OLOMASINA ISIKA REHETRA AMIN'NY ALALAN'NY FIAINANA VONTO FITIAVAN, VONTO FINOANA, VONTO FANANTENANA, AMIN'NY FIJOROANA HO VAVOLOMBELONA…. AVELAO HAMOKATRA NY FAHASOAVANA NO RAISINAO TAMIN'NY BATEMY

Vaktieny Masina Gal 5,

A) FANDINIHANA MASINA : ANTSO AMIN'NY FANAMASINANA TOKO VOALOHANY FANANETANA APOSTOLIKA « MIFALIA SY MIRAVOA » N° 10-34

B) FANDINIHINA MASINA : FAHAMASINANA MIRA SAMBATRA JEREO TOKO FAHATELO FANANTENA APOSTOLLIKA « MIFAFLA SY MIRAVAO » N° 65-90

VOLANA JIONA : VOLAN'NY FO MASIN'I JESOA : MIARA-MIBANJINA NY FAMINDRAM-PO… VOLANA ANDALINANA SY IVAVAHANA MANOKANA HO AN'IREO ANKOHONAN'NY EGLIZY FOTOTRA VELOMIN'NY TENIN'ANDRIAMANITRA IRAHINA HIZARA FANANTENANA SY FIADANANA

Vakiteny Masina : Asa 2, 42-47

A) Fandinihina masina : Ny ohatra nomen'ireo ireo kristianina voalohany : VAVOLOMBELON'NY FINONA

Ny fiainan'ireo ankohonam-piangonana kristianina voalohany dia nifototra tamin'ny fampianaran'ireo apôstôly, ny fiombonana am-pirahalahiana, ny vavaka, ny famakiana ny mofo ary ny fijoroana ho vavolombelona.

Noho izany, ny Eglizy dia teraka sy nihalalina teo ambany fitarihan'ireo apôstôly izay vavolombelona nahita maso mivantana ny fiainana sy ny fampianaran'ny Tompo. Tao anatin'ny tontolon'ny tsy fitoviana no nampisehoan'ireo kristianina voalohany ny fiombonam-pirahalahiana tamin'ny alalan'ny fifampizaràna mba tsy hisy olona na iray aza hiaina ao anatin'ny tsy fahampiana.

Na tamin'ny fotoan-tsarotra na tamin'ny fotoam-pifaliana, ireo kristianina ireo dia niombona tamin'ny Tompon'izy ireo, sy tamin'izy samy izy tamin'ny alalan'ny vavaka tsy tapaka isan'andro. Ny tampon'ireo fihaonana ao amin'ny Tompo ireo dia ny famakiana ny mofo, ny Eokaristia izay nankalazan'ny mpianatr'i Jesoa ny fahafatesan'ny Tompony sy ny fitsanganany ho velona.

Tahaka izany no nijoroan'ireo kristianina voalohany ho vavolombelon'i Jesoa maty sy velona. Noraisin'ny vahoaka tsara izy ireo. Manoro antsika ny lalan-kizorana izy ireo, na ho antsika tsirairay, na ho an'ny ankohonam-piangonantsika, na ho an'ny paroasintsika.

Fanohizana ny fandinihana : Eglizy-fianakavian'Andriamanitra

Ny Eglizy araka ny toetra tena maha-izy azy no toeram-piainana sy fivavahana mahazatra ny mpino ka ao izy ireo no afaka manatanteraka ny finiavana atoron'ny finoana sy ny fitiavana kristianina, ny ankohonan'ny mpino. Izy no toerana isehoan'ny fiombonan'ireo sokajy sy fikambanana isan-karazany izay tokony hahita ao aminy fanohanana ara-panahy sy ara-materialy. Ny pretra sy ny lahika dia samy hitsinjo mandrakariva izay hampirindra ny fiainan'ny Paroasy, amin'ny maha Fiangonana Fianakaviana azy, hahatonga ny rehetra ho « mazoto amin'ny fampianaran'ny Apostoly sy ny famonjem-pivoriana, ary amin'ny famakiana ny mofo sy ny fivavahana rehetra ». (Asa 2, 42) (Jean Paul II, Ny Eglizy any Afrika, n° 100).

B) TENIN'ANDRIAMANITRA FANILO SY FAHAZAVANA, SAKAFO MAMELONA

Ao amin'ny fiantombohan'ny Evanjely, amin'ny teny mialoha, i Md Joany dia mampiseho an'i Jesoa ho ilay Tenin'Andriamanitra, tonga nofo : « *Tamin'ny voalohany ny Teny, ary ny Teny, dia tao amin'Andriamanitra, ary Andriamanitra ny Teny*. » Zanaka lahitokan'Andriamanitra, i Jesoa-Teny, dia nandray anjara tamin'ny asa fahariany. Tonga niara-dàlana tamintsika Izy mba hampiombona antsika amin'ny fiainan'ny Ray.

Ery aoriana kely, ao amin'ny toko faha-6, dia manohy ny fandinihana i Md Joany. Asehony ao amin'i Jesoa ny Teny tonga sakafo. Raha ampahatsiahivina ny traikefan'ny dia tany an'efitra dia manasa antsika i Jesoa mba hino Azy, mba hanaiky hivoky sy hiala hetaheta amin'ny Teniny. Ny Teniny irery ihany no afaka hampamelana ny tany efitry ny fiainantsika. Mamelon'aina tahaka ny vatany sy ny rany ny Teny.

Noho izany dia tokony hivoky tsy tapaka amin'ny Teniny ny kristianina. Fa mba hitondra vokatra io teny io dia tsy maintsy ho azo tsara. Izany indrindra no ilàna ny fiofanana mamaky Baiboly ao amin'ny fikambanana masina sy ny paroasy, ho an'ny kristianina rehetra fa indrindra ho an'ireo katesista sy ireo mpanentana ny ankohonam-piangonana kristianina.

Fanohizana ny fandinihana : Mahalala tsaratsara kokoa ny Tenin'Andriamanitra

« Mba ho fantatra, ho tiavina, hobanjinina ary ho voatahiry ao am-pon'ny mpino ny Tenin'Andriamanitra (jr Lk 2, 19.51), dia tsy maintsy hohamafisina ny ezaka hanamora ny fahafahan'ny

olona manana ny Soratra Masina eo am-pelatanany, indrindra amin'ny alalan'ny fandikàna manontolo na ampahany ny Baiboly, araka izay azo atao, ary iaraha-miasa amin'ny Fiangonana sy ny ankohonam-piangonana hafa, ary arahina fitantanana hahay hamaky ho an'ny fivavahana, fianarana ao anivon'ny fianakaviana na ankohonam-piangonana. Ankoatr'izay, mety kokoa ny mampiroborobo ny fiofanana ara-baiboly ho an'ny fivondronan'ny pretra, ny relijiozy, ny katesista ary ny sarambaben'ny lahika ; ny mijery izay fomba ahafahana mankalaza ny Tenin'Andriamanitra matetika, ny manamora ny fitoriana ara-baiboly amin'ny alalan'ireo Foibe ara-baiboly ho an'i Afrika sy Madagasikara na amin'ny rafitra mitovitovy amin'izany, izay ampirisihina tokoa amin'ny ambaratonga samihafa. Raha fintinina dia atao izay hahatonga ny Soratra Masina ho eo am-pelatanan'ny mpino rehetra manomboka amin'ny fahazazana » (Joany Paoly II, Ny Eglizy any Afrika, 58)

JOLAY EGLIZY MIARO NY AINA SY MIKOLOKOLO NY TRANOBE IOMBONANA MITONDRA AMIN'NY FAMPANDROSOANA NY OLONA REHETRA SY OLONA MANONTOLO ZARY FANANTENANA SY FIADANANA:

Soratra masina : Apôkalipsa 21, 1-5

A) Fandinihana masina : Lanitra vaovao, Tany vaovao : ZAVA-BOARY VAOVAO AO AMIN'I KRISTY MANORINA TONTOLO IAINANA VAOVAO, MANORINA TONTOLOM-PIAINANA VAOVAO, MANORINA TONTOLOM-PINOANA VAOVAO

Amin'io toko faha-21 amin'ny Apokalipsa io, i Joany dia nahatakatra ny fanantenana tokony hitoetra ao amin'ny kristianina, na eo aza ny hasarotan'ny fisiany. Amin'ny alalan'ny kisary, ny mpanoratra dia maminavina ny fanavaozana tanteraka ny tantara sy ny tontolo ao amin'i Jesoa tafatsangana sy velona. Tonga hanavao ny zavatra rehetra izy mba ho amin'ny fiainam-baovao.

Ho antsika malagasy ny AINA, fiainana, araka ny tena maha-izy azy dia miseho amin'ny alalan'ny fahasalamana, amin'ny alalan'ny fahasambarana, amin'ny taranaka amam-para….Ny Tenin'Andriamanitra dia manasa antsika hijery ny fiainana eo amin'ny sehatry ny fitambaran'ny fiaraha-monina, ny tantara ary ny tontolo iainana ara-ekôlojika.

Noho izany indrindra, ny fahasimban'ny tontolo iainana dia midika ho faharavan'ny aina, faharavan'ny fiainan'ny olona , ny tontolony ara-toe-karena sy ara-politika, ara-koltoraly, ara-kôsmika, ara-môraly, eny fa na ny ara-panahy aza. Ka ny ady ho amin'ny fiainana dia tsy maintsy mahasahana ny tolona ho amin'ny tontolo iainana salama. Ankoatr'izay, ny firotsahana hanasoa ny tontolo iainana dia tsy maintsy mahasahana ireo sehatra rehetra isehoan'ny faharavan'ny fiainana : ny politika, ny toe-karena, ny sosialy, ny kolon-tsaina, ny etika. Raha atao amin'ny teny hafa, ny ady ho an'ny tontolo iainana dia firotsahana ho an'ny fandriam-pahalemana, ny fahamarinana, ny fivoarana, ny fahasalamana, izany hoe, ho an'ny fiainana.

Fanohizana ny fandinihana : Fanajana ny aina sy ny tontolo voarindra.

« Misy ireo mpandraharaha na lahy na vavy, misy fitondram-panjakana, misy vondrona ara-piharian-karena mirotsaka amina fandaharan'asa fitrandrahana harena, izay manimba ny tontolo iainana ary mampitatra ny tany hay tsy anoharana. Tsy hita noanoa ny fahasimbana aterak'izany eo amin'ny zava-boaary, eo amin'ny ala, eo amin'ny zava-maniry sy ny biby ka maro ny karazan-java-manan'aina mila ho lany tamingana tanteraka. Ny rohim-piainana iray manontolo no tandindomin-doza amin'izany rehetra izay, ary io dia miantraika hatrany amin'izay fahaveloman'ny taranak'olombelona mihintsy. Manentana ny Fiangonana aty Afrika aho, aoka izy ireo handrisika ny mpitondra fanjakana eo aminy hitandro an'ireo harena fototra, dia ny tany sy ny rano, ho fitsinjovana ny ain'olombelona, na ny an'ny taranaka ankehitriny, na ny an'ny taranaka ho avy aoriana, ary koa ho fitsinjovana ny fandriam-pahalemana eo amin'ny fifandraisan'ny vahoakam-pirenena isan-tokony » (Benoa XVI, Africae Munus, 80).

B) FANIRAHANA EO ANIVON'NY FIARAHA-MONINA : ISIKA VITA BATEMY NO KRISTY MPIARA-BELONA AMIN'NY OLONA

Vakiteny : Marka : 16, 9-20

Ny fitsanganan'i Jesoa Kristy ho velona no fototry ny finoana kristianina. Tsy nokobonin'ny apôstôly ho azy ireo samirery anefa io traikefa io. Tsy maintsy nitory izany Vaovao mahafaly izany tamin'izao tontolo izao izy ireo. I Jesoa tafatsangana sy velona dia niara-niasa tamin'izy ireo sy niaraka tamin'izy ireo.

Na izany aza anefa, manantitrantitra manokana momba ny fahanginan'i Jesoa i Marka evanjelisitra. Nandritra ny fotoana nijaliany, dia ohatry ny hoe navelan'Andriamanitra ho irery ny zanany. Taorian'ny fitsanganan-ko velona, ireo vehivavy voalohany nahita ny zava-nitranga dia tera-kovitra nanavo-tena.

Tian'i Marka haseho amin'izany fa ny iraka alohan'ny zavatra rehetra dia tsy dokam-barotra. Alohan'ny handehanana hitory i Jesoa dia tsy maintsy maka fotoana hibanjinana ao anatin'ny fahanginana sy ny vavaka. Ny fahanginan'Andriamanitra tamin'ny fijaliana sy ny fitsanganan-ko velona dia tsy midika hoe tsy teo izy, fa naneho ny maha eo azy amin'ny fomba tsy re tsaika nefa mahomby. Tamin'ny nananganany an'i Jesoa Kristy ho velona dia nasehon'Andriamanitra fa tsy manary an'ireo zay Azy Izy. Tsy midika anefa izany fa hoe tsy ho tratry ny fitsapana izy ireo.

Ankehitriny, nankinina amin'ny apôstôly sy ny dimbiny ny iraka. Nankinina koa amin'ny mpino manontolo araky ny antso iantsoana ny tsirairay ao amin'ny Eglizy. Misiônera avokoa isika rehetra. Iraka mitaky zavatra amintsika izany. Araky ny asehon'ny Evanjely manontolo, ny iraka dia fahasahiana manaraka an'ilay voafantsika tafatsangan-ko velona. Iraka hivavaka sy hijoro ho vavolombelona amin'ny asa sy ny teny. Sehatra iray anatanterahana ny iraka ny firotsahana amin'ny fampihavanana, ny tolona hampanjakàna ny fahamarinana sy ny fiadanana.

Fanohizana ny fandinihana : Ny iraka ho amin'ny fampihavanana, ny rariny sy ny fiadanana

« Ny andraikitr'i Afrika tontosainy ho an'i Jesoa Kristy Tompo, amin'izao fiandohan'ny taonarivo fahatelo izao, dia raki-tsoa sarobidy ankiniko amin'ny Eveka, amin'ny pretra, amin'ireo diakra maharitra, amin'ireo olona manokan-tena, amin'ny katesista, amin'ireo lahika zanak'ity tany mamiko ity sy zanak'ireo nosy manodidina. Manosika an'i Afrika handalina ny antso maha-kristianina io iraka ankinina aminy io. Manainga azy amin'ny anaran'i Jesoa, hiaina ny hoe fampihavanana ny olona sy ny ankohonan'olona miara-belona, ary hampiorina ny fiadanana sy ny rariny ao anatin'ny fahamarinana ho an'ny besinimaro." (Benoa faha-XVI, Africae Munus,

VOLANA AOGOSITRA MIBANJINA NY FIANAKAVIANA EGLIZY KELY MAHAY MIFAMPIHAINO KA ZARY IVO TOERANA MITONDRA FANANTENANA SY FIADANANA… MODELY HO ANTSIKA NY FIANAKAVIANA MASINA… MODELY IREO OLOMASINA JACQUES BERTHIEU SY OLONTSAMBATRA (VICTOIRE RASOAMANARIVO 21 AOGOSITRA, RAPAHAEl RAFIRINGA, BEYZIM, LUCIEN BOTOVASOA)….

A) FIANAKAVIANA EGLIZY KELY MANDALINA NY FINOANA, MIAINA NY FINOANA? MANDRAY AN-TANANA NY FINOANA, MANKALAZA NY FINOANA, MIZARA NY FINOANA

Vakiteny masina : Lioka 2, 22-40

Fandinihana : Ny fianakaviana tao Nazareta modely

Toy ny fianakaviana jody tamin'izay fotoana izay dia nanaraka izay voasoratry ny Lalàna i Josefa sy i Maria. Izany no manambara fa raha nanaiky ho Tonga Olombelona i Jesoa dia nandray ny Fianakaviana ho loharano ipoiran'ny famonjena. Izany no mampibaribary fa fototra lehibe ny fianakaviana. Tian'i Jesoa ho lasa lavitra bebe kokoa ny fijerintsika ka tsy ny fianakaviana ara-nofo fotsiny fa ny fianakaviana teraky ny finoana sy ny finiavan'Andriamanitra (Jn). Io ny fianakaviam-ben'Andriamanitra dia ny Eglizy.

Hatramin'ny voalohany dia noraisin'ny Eglizy ho sela fototra sy loharano ny fianakaviana. Tsy mahagaga raha hatramin'ny voalohany dia fototry ny pastôraly ny fianakaviana, Eglizy Kely. Milaza miara-mahita isika fa marary ny fianakaviana ankehitriny ka mila havaozina izany mba ho zary ivotoerana itoriana ny Vaovao Mahafaly ny Fianakaviana ary ivotoerana ho Mpitory ny Vaovao Mahafaly. Ny fianakaviana Eglizy kely anie ho zary toerana ianarana ireo soatoavina ampianarin'ny Evanjely izay mifanaraka amin'ny soatoavina malagasy dia : ny fanajana ny aina, ny fampihavanana, ny fahaizana mihaino ny hafa…

Fanohizana ny fandinihana : Ny fianakaviana manompo ny fifanakalozan-kevitra ara-pivavahana

« Araky ny hitantsika amin'ireo fihtsiketsehana maro mitranga eo anivon'ny fiaraha-monina, dia anisan'ny miantoka ny fandriam-pahalemana ny fifandraisana eo amin'ireo antokom-pinoana samihafa aty Afrika, tahaka ny any amin'ny toeran-kafa. Araka izany dia tokony hiezaka mihintsy ny Fiangonana hampiroborobo ny fifanakalozan-kevitra mba ho zary toe-panahy izy ho an'ny mpino, ka hahaizany miara-miasa, ohatra eo anivona fikambanana mikendry izay hanjakan'ny fandriam-pahalemana sy ny rariny, entanin'ny toe-tsaina mifototra amin'ny fifampitokisana sy ny fifanampiana. Aoka ny fianakaviana hobeazina hahay mifampihaino, mifankatia ary mifanaja tsy hifampiahiahy. Zavatra tokana manko no tena ilaina (jer. Lk 10, 42), ary hany afa-manetsika ny hetaheta manosika ny zanak'olombelona hikatsaka ny mandrakizay sy manosika ny taranak'olombelona haniry ho iray tsy mivaky : tsy inona izany fa ny fitiavana ny fibanjinana an'Ilay nahatonga an'i Md Augustin ho vaky vava hoe : « Endrey ry Fahamarinana mandrakizay, ry Fitiavana tsisy hosoka, ry mandrakizay ankafizin'ny fo ! » (Benoa faha-XVI, Africae Munus, 88).

- B) FIANAKAVIANA, EGLIZY KELY, TANINKETSA IPOIRAN'NY VOKASIONA, TOERANA IVELARAN'NY ANKIZY SY NY TANORA FENO FANANTENANA KA MIZARA FIADANANA

Vakiteny masina : Marka 1, 16-20

Fandinihana masina : Ny fiantsoana ireo mpianatra voalohany

Marka dia mametraka ny fiantsoana an'ireo mpianatra eo am-piandohan'ny asa fitorian'i Jesoa sady notsipihiny tsara fa nantsoin'izy hiombona Aminy ho Fianakaviana Vaovao miaraka Aminy. Tiana hosoritana amin'izany fa hatramin'ny voalohany dia tiana hiombona anjara amin'ny asa fitoriana ny mpianatra ary ao anatin'ny fiombonana Aminy sy ny fiombonan'ny samy mpianatra. Ny hahafantaran'ny olona fa mpianatro ianareo dia ianareo mifankatia.

Izany rehetra izany maniraka antsika handinika ny antso miantefa amin'ny vita batemy rehetra fa indrindra ireo tanora satria anio ny ho avy fa tsy rahampitso. Manambara safidy mitondra amin'ny fiovam-penitra mahery vaika vokatry ny fahaizana misivana. Natao ho an'ny rehetra izany fa tsy ho an'ireo hanao pretra sy relijozy ary voatokana fotsiny. Manambara fa maro lafy tokoa ny Antson'Andriamanitra anisan'izany ny fiainana Apostoly Lahika. Ny sinoda tamin'ny taon-dasa teo ary ny hafatra Apostolika dia samy maneho izany. Ny vokasiona dia tsy inona hoy ny Papa Benoït XVI fa ilay antson'Andriamanitra miantefa amin'ny rehetra mba hanaraka fiainana maha zanak'Andriamanitra vokatry ny fibebahana :

Ry tanora malala, ireo zava-maro misarika anareo : ny firehan-kevitra pôlitika ny sekta, ny vola, ny zava-mahadomelina, ny filan'ny nofo baranahiny, ny herisetra…, dia samy mety haka fanahy anareo avokoa. Koa mitandrema tsara fa ireo izay mitarika anareo amin'izany dia te-hamotika ny hoavinareo ! Tsy mora ny zava-miandry anareo, kanefa aza miraviravy tanana, fa ny idealinareo ifikirana, mifantohà ary milofosa amin'ny fiofanana atrehinareo, na ny fiofanana ho olom-banona, na ny fiofanana ara-tsaina, na ny fiofanana ara-panahy! Mba hahaizanareo mandanjalanja, ary mba hanananareo ny hery ilaina sy ny fahafahana ho enti-manohitra an'ireo fakam-panahy ireo, dia mampirisika anareo aho : ataovy eo anivon'ny fiainanareo i Jesoa Kristy, amin'ny alalan'ny fivavahana, ary koa amin'ny alalan'ny fandalinana ny Soratra Masina, amin'ny fandraisana ny Sakramenta, ny fanarahana ny fiofanana mikasika ny Fotom-pampianaran'ny Fiangonana momba ny fiaraha-monina, ary ny fandraisanareo anjara mavitrika amin'ny fihaonana sy ny fiaraha-mientana rehetra karakarain'ny Fiangonana. Ezaho ny hanananareo toetsaina mandala ny firahalahiana, mandala ny rariny sy ny hitsiny ary tia fandriam-pahalemana. Ny ho avy dia eo am-pelatanan'ireo izay mahay mahita ireo antony mafonja hiainana sy hanantenàna. Raha tianareo, dia eo am-pelatànanareo ny ho avy, satria ireo fanomezana natolotry ny Tompo anareo tsirairay avy, novolavolain'ny fihaonanareo tamin'i Kristy, dia afaka mitondra fanantenana marim-pototra ho an'izao tontolo izao!" (Benoa faha-XVI, Africae Munus, 63).

MODELY HO ANTSIKA I MASINA MARIA, IREO OLOMASINA SY OLONTSAMBATRA….

+ Mompera Eveka RAMAROSON MARC BENJAMIN, cm

ALAHADY PAKA21 AVRIL 2019

MITSODRANO ANTSIKA JIABY MBA HO MPAMAFY FANENTANANA SY FIADANANA